FIVONDRONAMBEN'NY FEDERASIONAN'NY FIANGONANA ADVANTISTA
MITANDRINA NY ANDRO FAHAFITO RANOMASIMBE INDIANINA



# 10 ANDROM-BAVAKA

10-20 JANOARY, 2024

«Ry olombelona, efa naseho anao izay tsara sy izay ilain'i Jehovah aminao, dia izao ihany: ny hanao ny marina sy ho tia famindrampo ary ny hanaraka an'Andriamanitrao amin'ny fanetren-tena.» -Mika 6:8

# Ireo Laharam-Pahamehan'ny Finoana

- **Andro 1** Tsara kokoa ny kely kokoa
- **Andro 2** Ny loza vokatry ny firotorotoana ho an'Andriamanitra
- **Andro 3** Ny fitahian'ny fiandrasana
- **Andro 4** Fahafahana ao anatin'ny fahatsoram-piainana
- **Andro 5** Mifantoka amin'ny zava-manan-danja ao anatin'ny vavaka
- **Andro 6** Hery, fitiavana, faharetana
- **Andro 7** Ny tombambidin'ny fahamoram-panahy
- **Andro 8** Manana ny toe-tsain'ny fankasitrahana
- **Andro 9** Ny fitahiana ao amin'ny Sabata
- **Andro 10** Manan-karena amin'ny zava-manan-danja – iaino ny zava-panahy

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana
# ANDRO 1 – TSARA KOKOA NY KELY KOKOA

"*Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala, fa tahaka ny hendry, ka hararaoty ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao fiainana izao*." - Efes. 5:15,16.

**Tena mihoatra ve ny mihoatra?**

Feno mitafotafo an'ireo zavatra irintsika ho azo ny fiainantsika. Ao amin'ny fiarahamonina tarihin'ny fiarovana ny mpanjifa sy ny varotra, dia tarihina mora foana isika hino fa arakaraka ny ananantsika no mampiadana antsika. Noho ireo dokam-barotra mahasarika manodidina antsika dia diso hevitra isika amin'ny faniriana hahazo ny zava-drehetra. Entintsika eo amin'ny asa ataontsika ho an'Andriamanitra izany hevitra izany indraindray. Maniry ny hanompo an'Andriamanitra isika saingy etsy andaniny dia tsy tiantsika ny handà izay rehetra miseho eo anoloantsika. Izany no antony iezahantsika mafy hampirindra ny faniriantsika hanompo an'Andriamanitra amin'ny fanarahana zavatra maro hatrany. Mitarika ho amin'ny asa maro misafotofoto izany. Ao anatin'ny hamehana tsy miato dia mamita-tena isika amin'ny finoana fa azontsika atao ny hanaraka an'Andriamanitra kanefa tsy hanajanona izay rehetra misarika mandrakariva ny fahalianantsika. Voafitaka isika raha manakalo izany hevitra diso izany amin'ny fiarahantsika mandeha amin'Andriamanitra.

**Vonona ny hamela ny vesatra**

Tsy afaka ny hanana ny zava-drehetra isika – tsy azontsika atao ny sady handray an'izao tontolo izao sy ireo fahafinaretany mahataona no hahazo koa ireo fitahian'Andriamanitra. Fahadisoana tanteraka izany eritreritra izany. Io toe-tsain'ny mpanjifa io dia manimba ny fisainantsika ary misy fiantraikany ratsy eo amin'ny fiainantsika ara-panahy. Tsy afaka ny hanana an'Andriamanitra ho ambonin'ny zavatra rehetra toy ny serizy eo ambonin'ny mofomamy isika kanefa tsy manome toerana Azy an-tsitrapo eo amin'ny fiainantsika feno hazakazaka. Tokony ho vonona hivelona amin'ny zavatra bitika aloha isika mba hanandramantsika ireo fitahiana amin'ny zavatra manan-danja kokoa. Tokony hamela ireo zavatra izay misarika antsika tsy ho eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra isika, dia ireo zavatra izay mandany ny herintsika ara-batana, ara-tsaina ary ara-panahy. Rehefa miezaka ny manatratra ny fandaharam-potoantsika feno dia feno amin'ny hafainganam-pandeha ambony indrindra sady tsy tapaka isika, miaraka amin'ny lisitr'ireo zavatra hatao izay mihamaro hatrany, tsy ela dia ho reraka ara-batana isika ary tena ho reraka ara-panahy koa.

**Miaina amin'ny zavatra kely**

Manakana anao tsy hiaina amin'ny fomba feno ho an'Andriamanitra ve ny korontana misy eo amin'ny fiainanao? Ny fiainana feno zava-mifamahofaho dia tsy mamela toerana ho an'ny Mpamorona izao tontolo àry rehetra izao. Tokony ho takatsika fa tsara kokoa ny kely kokoa. Tsy afaka ny handray fitahiana ara-panahy bebe kokoa, fotoana hivavahana bebe kokoa, na inona na inona bebe kokoa eo amin'ny fiainantsika ara-panahy isika raha miezaka ny hametraka izany eo amin'ny lovia efa feno. Ny fihoaran-danja toy izany dia tsy hanao afa-tsy ny

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy ho amin'ny fibebahana ataon'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra ny amin'ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome anao fahendrena amin'ireo fihaikana sy fanapahan-kevitra amin'izao fotoana izao.

**Ny fiangonantsika**: Mivavaha ho an'ireo zavatra ilain'ny fiangonana eo amin'ny faritra misy anao sy maneran-tany (jereo ilay takila mitokana miaraka amin'ireo fangatahana).

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an'ireo zavatra ilain'ny mambran'ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpiara-monina amin'izao fotoana izao.

**Mihaino ary mamaly**: Manokàna fotoana hihainoana ny feon'Andriamanitra ary mamalia amin'ny alalan'ny fiderana na hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**

(Misafidiana hira mifanaraka amin'ny lohahevitra.)

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

## ANDRO 2 – NY LOZA VOKATRY NY FIROTOROTOANA HO AN'ANDRIAMANITRA

"*Ary ny Apostoly niangona teo amin'i Jesosy ka nilaza taminy izay rehetra efa nataony mbamin'izay nampianariny. Ary hoy Jesosy taminy: Avia hianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely (fa maro no nifamoivoy, ka tsy nisy hihinanana aza). Dia nandeha an-tsambokely izy hitokana any an-tany foana*." - Mar. 6:30-32.

**Ny firotorotoana eo amin'ny asa ho an'Andriamanitra**

Ny fanenjehana asa maro am-pirotorotoana no manjaka eo amin'ny tontolontsika. Ny fiarahamonina môderina sy ny pôlitika avo lenta momba ny fanajana ny zon'ny mpanjifa dia nampiditra finoana iray tato amintsika: arakaraka ny maha-maro erehina antsika amin'ny fandraharahana no ahazoantsika haja. Ny fanenjehana asa maro am-pirotorotoana no manjary fanehoana ny fahavitrihantsika sy ny faniriantsika hanao ny tsara sy handroso hatrany. Saingy mampalahelo fa na dia variana amin'ny *asa fivelomana* aza isika dia manadino ny *miaina* sy mifaly amin'ny fiainana. Ny mety ho mampalahelo lavitra noho izany dia ny loza misoko mangina manjo ireo mpanara-dia an'i Kristy: ny toe-tsaina tia manenjika asa maro ho an'Andriamanitra. Matetika isika no manao izany ho an'ny antony tsara indrindra azo eritreretina. Fantatsika fa fohy ny fotoana. Maniry ny hanatanteraka ny lehibe indrindra ho Azy isika. Izany no antony hisahiranantsika. Irintsika ny ho mpitantana mahay ny fotoantsika sy ny talentantsika. Mahafinaritra ny misahirana ho an'Andriamanitra, ary alaim-panahy isika hihevitra indraindray fa hamaly soa ny firotorotoantsika ho Azy Izy. Hitantsika anefa avy eo fa verintsika ny fifandraisana velona amin'ny Mpanavotra antsika. Fahazarana no anaovantsika ny tsara fa tsy amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Ary arakaraka ny anaovantsika zavatra maro no iheverantsika ny tenantsika hifanaraka amin'ny fikasan'Andriamanitra. Ny fisahanana asa maro no tonga fenitra vaovao. Sahirana loatra isika mankalaza ny fahasahiranantsika ka verintsika ny fotoana tena manan-danja eo amin'ny fiainantsika. Manimba ny herintsika ara-panahy izany. Ny rotoroto dia fahavalon'ny fifandraisam-pitiavana rehetra, indrindra ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra velona ao amin'ny Soratra Masina. Ny fitiavana dia mitaky fiheverana amin'ny fotoana tsy misy hamehana.

**Ny adidy hiala sasatra**

Tsy mahagaga raha miantso antsika imbetsaka mba hitony, hiato kely, handinika izay hataony ho an'ny olona ny Andriamanitry ny Soratra Masina (2 Tant. 20:17; Sal. 37:7). Mampirisika ny zanany tsy hirotoroto Andriamanitra. Fantany fa vetivety foana dia tsy hahita Azy isika rehefa sintonin'ny tafio-drivotry ny asa maro ataon'olombelona ny saintsika. Iray amin'ireo fanehoana kanto indrindra ny loza ateraky ny asa tsy mitsahatra ho an'Andriamanitra ny nitsaharan'i Jesôsy Tompontsika tamin'ny asa fanompoany. Nanondro io lafiny lehibe mahakasika ny asa fanompoana niarahany tamin'ny mpianany io i Ellen White: "*Ny fanahiny rehetra no efa napetrany teo amin'ny asa ho an'ny vahoaka, ka nahatonga ny heriny ara-batana sy ara-tsaina ho ritra. Adidiny kosa izao ny miala sasatra.*" - IFM, t. 380.

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana
# ANDRO 3 – NY FITAHIAN'NY FIANDRASANA

"*Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra.*" Sal. 46:10.

**Ny maha-tsara ny mandeha mora araka ny voalazan'ny Baiboly**

Amin'izao vanim-potoana anjakan'ny fihetsiketsehana sy tabataba lavareny sy misafotofoto izao, dia tsy misy manan-danja mihoatra noho ny fitoniana sy ny filaminana. Eo amin'ny fiainantsika môderina feno rotoroto dia manao izay isarihana ny saintsika ireo hamehana isan'andro. Zary toe-tsaintsika ny miandrandra ny sakafo vita haingana ka anantenantsika zavatra haingana araka izay azo atao ihany koa. Hadinontsika ny fomba hiandrasana amim-paharetana ary izany tsy fahaizana miandry izany dia mety hiantraika eo amin'ny diantsika ara-panahy arahin'ny vokatra manimba. Ny fanairana hitan'ny maso sy ireo fialam-boly ren'ny sofina amin'izao vanim-potoana iainantsika feno fifandraisana an-tambajotra izao dia mahatonga ny fandehanana miadana sy ny fitoniana ho sarotra kokoa. Ny fianarana miandry amim-pahatoniana sy mampifantoka ny saintsika amin'ny zavatra momba an'Andriamanitra rehefa miresaka momba an'Andriamanitra isika dia mety ho fanao tsy mahazatra ho an'ny olona maro amin'izao fotoana izao, kanefa izany dia toetra tsara ara-Baiboly ilaina velomina indray. Ny fikolokoloana toerana mangina tsy tototry ny hamehana hafa sy ny fanokanana fotoana hifandraisana amin'Andriamanitra irery ihany dia tena ilaina indrindra. Ny fandehanana miadana, ny fipetrahana amim-pitoniana, ny fisentoana, ny fahatsiarovana ny fikarakaran'Andriamanitra amim-pitiavana, ny fiandrasana amim-paharetana ary ny fitoniana na dia tsy mamaly avy hatrany ny vavaka ataontsika aza Andriamanitra – ireo rehetra ireo dia zava-kanto tokony hianarantsika indray.

**Ireo tombontsoan'ny fiandrasana**

Manerana ny Soratra Masina isika dia mahita ny vahoakan'Andriamanitra manana toe-tsaina tia miandry. Ireo mpanoratra ny Baiboly dia milaza matetika ny fiandrasan'izy ireo amin'ny alalan'ny fanontaniana: "*Jehovah o, mandra-pahoviana?*" (Hab. 1:2 DIEM; Dan. 8:13). Tsy misy fanantenana raha tsy misy fiandrasana (Tit. 2:13). Tsy misy fiaretana raha tsy misy fiandrasana (Rôm. 5:3,4). Tsy misy faharetana raha tsy misy fiandrasana (Apôk. 14:12). Tsy misy faniriana raha tsy misy fiandrasana (Sal. 42:1). Tsy misy fiainana raha tsy misy fiandrasana. Tsy misy tantaran'olombelona raha tsy misy fiandrasana. Ampahany amin'ny fisian'olombelona ny fiandrasana.

Ao anatin'ny fiandrasana dia matetika isika no mifantoka amin'ny olana tsy mahafinaritra ary manantena fa mandalo ihany izany. Saingy ny miandry dia tsy midika ho tsy fanaovana na inona na inona kanefa manantena fa ho lasa ihany ilay toe-javatra mahakivy. Araka ny fomba fijery ara-Baiboly, ny tanjona voalohany amin'ny fiandrasana dia ny hanazava hoe iza aho ary ho tonga iza aho mandritra ny fiandrasako. Ny fanandraman'ny fiandrasana dia mampifanehatra ahy amin'ny fanapahan-kevitra ara-panahy lehibe: Ao amin'ny tsy fiandrasako sy ny ahiahiko, moa ve aho misalasala ny amin'ny fahatsarana sy ny herin'Andriamanitra Tsitoha? Sa fantatro fa ao anatin'ny fiandrasana dia misy ny tombontsoa fanararaotra

tokana izay hanampy ahy ho tonga olona araka izay anirin'Andriamanitra ahy? Amin'ny alalan'ny fanandraman'ny fiandrasana dia azoko atao ny ho tonga olona iray vaovao.

Raha toy izany ny fomba fijerintsika, dia ho tonga fomba entin'Andriamanitra manova antsika ny fiandrasana amin'izay fotoana izay. Hovany araka ny sitrapony isika. Araka izany, ny fiandrasana dia tena fanehoana ny fahatsarana sy ny fahasoavan'Andriamanitra mihitsy. Manampy antsika hitovy bebe kokoa amin'Andriamanitra izay miandry amim-paharetana fatratra izany, ka maniry ny tsy hahavery na iza na iza izay mbola azo vonjena.

Andeha hiaraka hivavaka.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra – Sal. 46:10**

"*Mitsahara, ka aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra.*"

**"Mitsahara"**

Andriamanitra ô, tsy nanam-pitsaharana izahay. Nanjary maro ahiana sy vesaran'ny rarintsaina be loatra izahay ka nihevitra fa raha tsy izany dia ambany noho ny hafa izahay. Andriamanitra ô, mila ny fanampianao izahay mba handehananay miadana, hianaranay mitony. Efa voagejan'ny fitakian'ny fiarahamonina ny sainay ka zary mirotoroto hanenjika zavatra mandrakariva. Ampio izahay hankamamy ny fahatsaran'ny fahatoniana sy handray ireo fitahiana entin'izany. Tonòny ao am-ponay tsy manam-paharetana ny hoe "Mitsahara". Amena.

"**Aoka ho fantatrareo fa Izaho no Andriamanitra**"

Jesôsy malala ô, ny maha-Andriamanitra sy Tomponay Anao dia misy fiantraikany lehibe eo amin'ny fiainanay. Na izany aza dia toa miahotra izahay hanao Anao ho Tompon'ny fiainanay rehetra. Te hifehy ny zava-drehetra izahay ary tsy vitanay ny hampiato ny zavatra ataonay. Ampianaro anay fa Ianao, Mpamorona Tsitoha, Ilay mameno ny mandrakizay no Tompo; afaka mitondra anay Ianao, izahay sy ny tetikasanay mihoatra noho izay azonay vinavinaina raha toa ka tony izahay, miandry ary manaiky ny maha-Ianao Anao. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

**Fisaorana sy Fiderana**: Misaora amin'ireo fitahiana manokana ary miderà an'Andriamanitra noho ny fahatsarany.

**Fiaiken-keloka**: Manokàna minitra vitsy ho amin'ny fibebahana ataon'ny tena manokana ary misaora an'Andriamanitra ny amin'ny famelany heloka.

**Fitarihana**: Angataho Andriamanitra hanome anao fahendrena amin'ireo fihaikana sy fanapahan-kevitra amin'izao fotoana izao.

**Ny fiangonantsika**: Mivavaha ho an’ireo filan’ny fiangonana eo amin’ny faritra misy anao sy maneran-tany (jereo ilay takila mitokana miaraka amin’ireo fangatahana).

**Antom-bavaka eo an-toerana**: Mivavaha ho an’ireo filan’ny mambran’ny fiangonana, ny fianakaviana ary ny mpiara-monina amin’izao fotoana izao.

**Mihaino ary mamaly**: Manokana fotoana hihainoana ny feon’Andriamanitra ary mamalia amin’ny alalan’ny fiderana na hira.

**Soso-kevitra momba ny hira**

(Misafidiana hira mifanaraka amin’ny lohahevitra.)

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

## ANDRO 5 – MIFANTOKA AMIN'NY ZAVA-MANAN-DANJA AO ANATIN'NY VAVAKA

*"Koa amin'izany mivavaha toy izao hianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra."* - Mat. 6:9.

**Antom-bavaka vaovao**

Zava-dehibe eo amin'ny fiainam-pivavahantsika ihany koa ny fifantohana amin'Andriamanitra sy amin'ny zava-manan-danja. Matetika malemy sy tsy mahomby ny vavaka ataontsika satria mifantoka amin'ny tenantsika fotsiny. Ny mba hahazo izay zavatra **irintsika** no ivavahantsika amin'Andriamanitra. Izay ilain'ny tenan**tsika** sy ny olana atrehin**tsika** no ifantohantsika fa tsy Andriamanitra.

Hafa amin'izany ny vavaka sitrak'Andriamanitra. Tsy "izay tiantsika ho azo" intsony no ivon'ny vavaka fa Andriamanitra mihitsy. Fanandramana vaovao momba ny vavaka no azontsika vokatr'io fomba fijery io. Ekeko, ao amin'ny vavaka ataoko, fa namako mahatoky Andriamanitra, ary tiako ny fiarahana Aminy satria manan-danja lehibe amiko Izy, fa tsy satria te hangata-javatra Aminy aho; izany no vavaka sitrak'Andriamanitra. Izy sy ny maha-Izy Azy no manan-danja lavitra noho izay zavatra omeny ahy. Tiako ny manao laharam-pahamehana ny firesahana Aminy satria te hahalala Azy aho. Tsy mandeha amin'ny laoniny ny fiainako raha tsy misy Azy. Faniriako, mihoatra lavitra noho izay rehetra azoko angatahina Aminy, ny hiaraka Aminy. Ny fanatrehany sy ny maha-Izy Azy no manjary ivon'ny vavaka marina.

**Manova antsika ny vavaka mifantoka amin'Andriamanitra**

Ny vavaka ankasitrahan'Andriamanitra dia manomboka amin'ny faniriana hiaraka Aminy. Tsy manomboka amin'izay tadiaviko sy angatahiko izany. Raha vao tsy miorina amin'izany fifandraisam-pitiavana izany ny vavaka ataoko dia manjary mifantokoa kokoa amin'ny tenako fa tsy amin'Andriamanitra sy ny sitrapony. Vantany vao takatro fa ny fifandraisako amin'Andriamanitra no ivon'ny vavaka, dia miova tanteraka ny antom-bavako. Manomboka hitako araka ny fomba fijerin'Andriamanitra azy ny fangatahako, ny hetahetako sy ny faniriako ary ny fiainako manontolo. Vokatr'izany fomba fijery izany dia manjary mendrika ny vavaka atao. Raha vao tsy hita ao anatin'ny vavaka io lafiny ara-pifandraisana io dia manjary mandeha ila sy tia tena ary diso ny vavaka. Rehefa afantoko Aminy kosa ny vavaka ataoko dia manjary mahatoky amin'Andriamanitra aho. Manomboka miova ny fijeriko ny tenako eo anatrehan'ny fitiavany sy ny fahamasinany. Ny tanjon'ny vavaka dia tsy ny hahatò ny faniriako fa ny fifandraisako mihalalina miaraka amin'Ilay Andriamanitra Mpanome fiainam-baovao.

Rehefa mandinika tsara ny toetran'Andriamanitra sy izay zavatra azony atao aho, rehefa mankalaza Azy amin'ny teny ataoko aho, dia feno aim-panahy sy fanajana ary fanomezam-boninahitra Azy ny vavaka ataoko. Tsy mifantoka amin'ireo olana eo amin'ny fiainako intsony ny vavako fa amin'Andriamanitra, Ilay Tompo mahalala ny zavatra rehetra ilaiko. Manandratra ahy ho eo anatrehany ny vavaka toy izany. Tsy manova an'Andriamanitra izany tsy akory fa manova ahy kosa.

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana
# ANDRO 6 – HERY, FITIAVANA, FAHARETANA

*"Ary aza mba ketraka amin'ny fanaovan-tsoa isika; fa amin'ny fotoan'andro no hijinjantsika, raha tsy reraka isika."* – Gal. 6:9.

**Tanja-panahy**

Matetika tsy ampiarahintsika amin'ny ara-panahy ny teny hoe "tanjaka". Tena ilaina anefa izany amin'ny fikatsahantsika ny fahamasinana isan'andro, tahaka ny ilàna izany koa amin'ny lafim-piainana maro hafa, toy ny fanatanjahan-tena, ny fianarana, ny fahombiazana na ny fandraharahana ara-barotra. Midika ho faherezana, fitiavana, ary faharetana koa izany eo am-pikendrena tanjona iray manan-danja lehibe ho antsika. Mba hanatrarana ny tanjontsika dia mandamina ny fiainantsika isika mba tsy hisy na inona na inona hanembantsembana antsika amin'izany. Mila tanjaka toy izany isika eo amin'ny diantsika ara-panahy miaraka amin'Andriamanitra, indrindra eo amin'ny fiainam-bavatsika. Matetika no tsy mahita valim-bavaka isika satria tsy manana fikirizana eo am-pivavahana. Angamba variana isika na kivy, na milavo lefona ka tsy mino fa mandre antsika sy afaka manao mihoatra lavitra noho izay takatry ny saintsika Andriamanitra. Ao amin'ny Lio. 18 i Jesôsy dia mitantara amin'ny mpianany ny amin'ilay mpitondratena nahery nangataka izay nitondra ny adiny teo amin'ny mpitsara tsy marina. Na dia tsy misy lanja eo imason'ity mpitsara ity aza Andriamanitra sy ilay ramatoa, dia novaliany ihany ny fangatahany nony farany noho ny fikirizany (Lio. 18:1-7). Andriamanitra kosa tsy mba manamaivana ny antom-bavatsika tahaka ilay mpitsara tsy marina. Maniry fatratra hanampy antsika Izy, mihoatra lavitra noho izay azon'ny saintsika eritreretina. (Jer. 33.3).

Ny ilaintsika ankehitriny, na eo amin'ny fanambadiantsika, na any am-pianarantsika, na any amin'ny kilasy mandrintsika, na ao am-piangonantsika, na ao an-tokantranotsika, dia olona mivavaka. Tsy olona miresaka momba ny vavaka, na milaza ho mino ny asan'ny vavaka, na koa izay mahay manazava tsara ny momba ny vavaka aza, fa olona tena manokana fotoana hivavahana mihitsy!

**Fikirizana**

Tsy fomba fiasan'Andriamanitra ny hoe "sady vita haingana no tsy mila misahirana". Matetika isika no mila mivavaka amim-pikirizana ao anatin'ilay ady lehibe ifanandrinan'Andriamanitra sy i Satana. Aoka isika ho feno hafanam-po sy fikirizana rehefa mivavaka satria matetika tsy mifanaraka amin'ny fahatakarantsika olombelona azy mandrakariva ny fandaharam-potoan'Andriamanitra. Ny fanatanterahan'Andriamanitra ny vahaolana hitany mantsy dia tsy mba vitsy mpanohitra. Tsy mifidy ny lalana mora indrindra Andriamanitra fa ny vahaolana tsara indrindra! Aoka isika tsy hianina amin'ny kely indrindra rehefa mivavaka, aoka hanana fijery lavitra isika amin'ny tanjona kendrentsika. Sitrak'Andriamanitra ny faharetantsika mivavaka.

Tao amin'ny efitrano natokan'ny raiko hanaovana fandinihana, amin'ny maha-evanjelisitra sy mpitoriteny mahafatra-po azy, dia nahita lahatsoratr'i Ellen G. White iray aho, izay nanaitra ahy lalina: *"Ny fandresena lehibe azon'ny Fiangonana, na azon'ny Kristiana tsirairay avy, dia tsy mba vokatry ny talenta, na ny fitaizana, na ny*

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

# ANDRO 7- NY TOMBAMBIDIN'NY FAHAMORAM-PANAHY

"*Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia*."- Jao. 13:35

**Toetra mampiavaka**

Amin'ny fiafaran'ny fiainanao, raha toa ka toetra anankiray no hahatsiarovana anao, dia inona izany? Raha toa ka lafin-toetra iray no mahalaza ny foto-kevitra nijoroanao sy ny zavatra nomenao tombambidy be indrindra, dia inona no hosafidinao? Marobe ny valinteny azo omena, saingy teboka iray manan-danja amin'ny toetran'Andriamanitra no tokony ho hita taratra eo amin'ny fiainantsika rehetra. Milaza amintsika ny Baiboly ao amin'ny Tit. 3:4 fa niseho tamintsika ny fahamoram-panahin'Andriamanitra, ilay Mpamonjintsika, rehefa namonjy antsika ny Fitiavany.

Ny fahamoram-panahy! Ny fahamoram-panahin'Andriamanitra. Ny fahamoram-panahy dia fiteny ampiasaina manerana izao rehetra izao, izay takatry ny tanora sy ny antitra, ny mpanankarena sy ny mahantra, ny lahy sy ny vavy, ary ny marerina sy ny jamba. Tsy voasakan'ny fahasamihafan'ny fiteny ny fahamoram-panahy. Mahafaoka ny tany manontolo izany, tahaka ny mozika. Ny tsiky iray asesiky ny fitiavana, ny tanana iray manampy amin'ny fotoana manahirana, ny fanohanana rehefa mahatsapa ho kivy isika, ary ny teny mampahery iray- ireo rehetra ireo dia mandray anjara lehibe amin'ny fanamaivanana ny zava-tsarotra eo amin'ny fiainantsika ka mahatonga izany ho mora zakaina kokoa. Tsy mitaky zavatra lehibe loatra ny fanehoana fahamoram-panahy, kanefa goavana ny fiovana entiny eo amin'ny fiainan'izay miaina izany fanandramana izany, ary koa eo amin'ny fiainan'izay mizara izany. Toe-javatra mitondra tombony sahala ho an'ny mpizara sy ny mpandray azy ny fahamoram-panahy.

**Kristianina maha-te ho tia**

Fantatr'i Jesôsy fa ho vavolombelona mahery maneho ny finoan'ireo mpanara-dia Azy ny fahamoram-panahin'izy ireo. Fotoana fohy talohan'ny namadihana Azy sy ny nahafatesany, rehefa avy nanasa ny tongotry ny mpianany i Jesôsy, dia nilaza tamin'izy ireo hoe: "*Izany no ahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia*."- Jao. 13:35. Manamafy izany hevitra izany i Ellen White: "*Ny fonjan-kevitra mahery vaika indrindra manohana ny filazantsara dia ny Kristianina be fitiavana sy maha-te ho tia*."- TMF, t. 313. Rehefa maneho fahamoram-panahy amin'ny hafa isika, dia mahatratra ny fon'izy ireo amin'ny fomba miavaka ny fitiavantsika ka mihoatra ny fefy atsangan'ny fivavahana sy ny fiaviana ary ny sarangam-piarahamonina izany. Inoako fa namorona antsika miaraka amin'ny faniriana handray sy hizara fahamoram-panahy Andriamanitra, ary ny fanaovana izany dia maneho taratra ny toetran'ilay Andriamanitra ivavahantsika. Hitantsika ao amin'ny Jôna 4:2 fa Andriamanitra dia "*tsara fanahy (...), mamindra fo, tsy mora tezitra, sy be hatsaram-panahy feno fitiavana*." (DIEM). Hita manerana ny Baiboly, ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao, ny lohahevitra mikasika ny hatsaram-panah'Andriamanitra feno fitiavana.

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

## ANDRO 8- MANANA NY TOE-TSAIN'NY FANKASITRAHANA

"*Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampihorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana [*na hanana fanahy misaotra*] ho entitsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana*."- Heb. 12:28

**Toe-tsaina miabo**

Misy toe-tsaina iray manan-danja tokoa amin'Andriamanitra. Averimberin'ny Baiboly ny fandrisihana antsika hanana io fitondran-tena manokana io satria sitrak'Andriamanitra izany no sady fitahiana ho antsika. Tsy inona izany fa ny fankasitrahana. Izao no ambaran'ny bokin'ny Hebreo: "*Koa satria mandray fanjakana tsy azo ampihorohoroina isika, dia aoka isika hanana fahasoavana [*na hanana fanahy misaotra*] ho entitsika manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra amin'ny fanajana sy ny fahatahorana."- Heb. 12:28.* Mahafaly an'Andriamanitra ny fankasitrahana, ary misy fiantraikany tsara eo amin'ny fiainantsika, satria manampy antsika hifantoka amin'ny zavatra miabo izany. Tahaka ny hozatra, dia mihamatanjaka izany rehefa ampiasainao ho amin'ny tanjona tsara, amin'ny alalan'ny fiaikenao fa mahazo fitahiana ianao.

Manasa ny zanany mba ho olon'ny fankasitrahana Andriamanitra. Izao no soratan'ny apôstôly Paoly ao amin'ny 1 Tes. 5:18: "*Misaora amin'ny zavatra rehetra; fa izany no sitrapon'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ho anareo*." Ny fisaorana dia midika ho fahatsiarovana fa nanao soa tamintsika ny olona iray, ary fanehoana ny fankasitrahana amin'ny teny voahevitra tsara izany. Manokatra ny masontsika hahita ireo tsipirian-javatra tsara tarehy eo amin'ny natiora sy eo amin'ny hafa ny famolavolana ny toe-tsain'ny fankasitrahana. Mahatonga antsika ho velom-pisaorana noho ny fitahiana tsotra ny fankasitrahana, ka tsy mitady izay lafatra isika. Zava-dehibe tokoa izany, satria tsy handeha tsara mandrakariva ny fiainana ka tsy hisy olana, aty ampitan'ny mandrakizay. Tsy voatery ho tonga lafatra anefa ny fiainana vao hankafy ny miaina isika! Hitantsika ary mitsiky amintsika amin'ny fomba maro samihafa ny hatsaran-tarehy. Ny fofo-manitry ny voninkazo iray, ny fidadasiky ny lanitra feno kintana amin'ny alina, ny fijery feno fitiavana eo amin'ny mason'ny namana iray- ireo rehetra ireo dia mampahatsiahy antsika ny hatsaran-tarehy izay efa nomanin'Andriamanitra ho an'izay tia Azy.

**Familiana ny fifantohantsika** Rehefa manana toe-tsaina tia mankasitraka isika, dia mampiala ny fifantohantsika amin'ny zavatra foronin'ny saina izay tsy ananantsika ho amin'ireo fitahiana tena misy izay sitrahantsika. Mitombo ny fankasitrahana rehefa tsapantsika ny fahalalahan-tanan'Andriamanitra, ary manetsika ny fahalianantsika hamantatra ireo fomba manokana hoentiny maneho ny fitiavany amintsika izany. Mampivelatra ny fomba fijerintsika eo amin'ny fiainana ny fankasitrahana tahaka izany, ary mampitombo ny fahafahantsika mahatsapa fifaliana sy fahafaham-po.

Asehon'ny fandinihana natao vao haingana fa tsy izay maneho fankasitrahana sy izay anehoana izany ihany no mihatsara ny fahasalamany fa izay manatri-maso ny fanehoana izany koa. Araka ny lahatsoratra iray tao amin'ny *New York Times*, ny fahitana olona roa mifaneho fankasitrahana dia hahatonga ireo mpitazana

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana
# ANDRO 9- NY FITAHIANA AO AMIN'NY SABATA

"*Raha miaro ny tongotrao amin'ny Sabata ianao ka tsy manao izay tianao amin'ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin'i Jehovah hoe mendrika hohajaina, ka manome voninahitra azy ary tsy mandeha amin'ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana, dia hiravoravo amin'i Jehovah ianao, ary hasandratro ao amin'ny havoana amin'ny tany ianao, sy hofahanako amin'ny lovan'i Jakoba rainao; Fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny*."- Isa. 58:13, 14.

**Marika hamantarana antsika**

Fitahiana iray tena zava-dehibe ho an'ny fiainan'ny olombelona ny fitsaharana amin'ny andro Sabata. Ny Sabata dia mampahatsiahy antsika ny fiaviantsika sy ny maha Mpahary antsika an'Andriamanitra (Eks. 20:8-11). Mijoro ho vavolombelon'ny fahasoavan'Andriamanitra koa izany, amin'ny maha-Mpamonjy be fitiavana Azy, izay nanafaka ny olony tamin'ny fatoran'ny fanandevozana (Deo. 5:12-15). Araka izany, ny fankalazana ny andro Sabata dia marika iray lehibe hamantarana ny maha isika antsika, ny maha olombelona antsika. Tsy avy amin'ny fahombiazantsika ara-toe-karena na ny tahan'ny fahafahantsika mamokatra izany maha isika antsika izany, tsy ny maha mpiasa na maha mpampiasa antsika ihany koa. Fanasan'Andriamanitra antsika hitsahatra ao Aminy ny Sabata, ary koa hifaly amin'izay nomeny antsika araka ny fahasoavany.

Raha takatra araka ny tokony ho izy ny hevitry ny Sabata dia fanazaran-tena mitsahatra izany. Mampianatra antsika hitsahatra amin'ny rotoroto sy ny fanenjehana asa ary ny famitana asa izany. Fanambarana ataon'ny foko sy ny saiko isan-kerinandro izany fa manan-danja mihoatra noho ny zavatra marobe tsy maintsy hataoko sy ny vokatra andrasako Andriamanitra. Fanekena ny fiovan'ny laharampahamehako izany, ary maneho miharihary ny fahatokiako. Mamela ahy hiato amin'ny fihazakazahana sy hitsahatra ao amin'ny fanatrehan'Andriamanitra ny Sabata. Mamela ahy hifaly ao amin'ny teny fikasana izany fa ampy ahy Izy. Fanehoana manan-danja ny fahatokiantsika amin'Andriamanitra ny fampitsaharana ny asa aman-draharaha araka izao tontolo izao amin'ny andro Sabata, kanefa mihoatra lavitra noho ny tsy fanaovana asa aman-draharaha ny fitsaharana ao amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fiahiany. Tanteraka ao amin'ny firaisantsika an-tsitrapo sy manan-danja amin'ilay Mpamorona antsika ny fitsaharana amin'ny Sabata. Rehefa mianatra mitsahatra ao amin'ilay fitiavan'Andriamanitra azo antoka isika, ary rehefa tonga ivon'ny fifantohantsika ny Fahatsarany, dia mahatsapa fifaliana sy fiadanana ary faniriana ny hiankohoka amin'Andriamanitra amin'izay momba antsika rehetra isika.

Araka izany, ny fitandremana ny Sabata am-pahatokiana sy am-pifaliana dia tonga marika iray manan-danja hamantarana antsika sy izay tompontsika. Mihoatra lavitra noho ny tsy fanaovana asa amin'ny andro fahafito no takian'ny fihazonana ny hevitra ara-panahin'ny Sabata amin'ny alalan'ny fotoam-piadanana sy fifaliana ary ny fitoniana. Tafiditra ao anatin'izany ny fanaovana planina izay manomana antsika mandritra ny henemana ho amin'ny fiadanan'ny Sabata. Araka izany, ny Sabata dia mamorona kolontsaina iray mifanohitra amin'izay kolontsaina misy, izay manjary miharihary amin'ny fomba fiaina miavaka. Miaro antsika tsy

ho voapaokan'ny fandaniana mihoapampana ny Sabata. Tsy hanao ezaka mafy amin'ny hazakazaka hahazoana hery sy fahefana isika, fa asaina mba hitsahatra sy hanome voninanitra an'Andriamanitra sy ny fahatsarany ary ny fahasoavany. Fifanoherana lehibe no misy eo amin'izany sy ny avonavona sy ny fitiavantenantsika. Rehefa mitandrina ny Sabata isika dia tonga mpianatr'i Jesôsy Kristy izay nitandrina ny Sabata araka ny fanaony (Lio. 4:16).

Ny fitandremana ny Sabata ho masina, ny fanaovana izany ho andro miavaka sy ny fanokanana izany ho an'Andriamanitra noho ny fikasany miavaka ho an'io andro io dia manampy antsika hifantoka amin'izay tena manan-danja eo amin'ny dia ara-panahy iarahantsika mandeha amin'i Jesôsy. Tsy andro fatoriana sy fitomoepoana tsy akory ny Sabata, fa andro natao hiankohofana amin'ilay Andriamanitra marina. Amin'izany no hahatonga ny Sabata ho famantarana manan-danja fa efa nampitodika ny fiainantsika ho amin'ilay Andriamanitra velona ao amin'ny Soratra Masina isika.

Andeha isika hiaraka hivavaka.

**Fotoam-bavaka (30-45 minitra)**

**Mivavaka araka ny Tenin'Andriamanitra- Isa. 58:13, 14**

"*Raha miaro ny tongotrao amin'ny Sabata ianao ka tsy manao izay tianao amin'ny androko masina, ary manao ny Sabata hoe Fahafinaretana, ary ny nohamasinin'i Jehovah hoe mendrika hohajaina, ka manome voninahitra azy ary tsy mandeha amin'ny lalanao, na manao izay tianao, na miteniteny foana, dia hiravoravo amin'i Jehovah ianao, ary hasandratro ao amin'ny havoana amin'ny tany ianao, sy hofahanako amin'ny lovan'i Jakoba rainao; fa ny vavan'i Jehovah no efa niteny."*

**"(...) *manao ny Sabata hoe Fahafinaretana*"**

Ray ô, endrey ny fanomezana mahagaga nomenao anay ao amin'ny Sabata. Misaotra Anao fa tsy nomena fiainana anaovan-draharaha 24 amin'ny 24 ora sy 7 amin'ny 7 andro izahay, fa noharianao hanana firaisana Aminao sy fiadanana ary fihavanana Aminao amin'ny fomba miavaka isaky ny andro fahafito. Andriamanitra ô, matetika loatra izahay no manao ny andro Sabata ho andro feno rotoroto indrindra amin'ny herinandro, ary tsy hitanay intsony ny tanjon'izany andro izany. Mamelà ny helokay, raha sitrakao. Ampianaro anay ny fomba hitandremana ny Sabata ho masina ka hanaovanay izany ho fahafinaretana ho an'ny rehetra eo amin'ny manodidina anay. Amena.

**"Tsy miteniteny foana"**

Jesôsy ô, atolotray Anao ny haja sy ny voninahitra, satria masina sy mendrika Ianao. Misaotra Anao noho ny amin'ny Sabata izay andro afahafahanay mifantoka Aminao, amin'ny Teninao, amin'ny Famoronana nataonao, ary amin'ny maha fitahiana ho an'ny hafa anay. Matetika loatra anefa izahay no mandany ireny ora masina ireny amin'ny firesahana zavatra tsy misy heviny sy ny fanaovana asa tsy manome voninahitra Anao. Meteza hamela ny helokay. Ampianaro anay ny fomba hanaovana ny Sabata ho fotoana mampahery sy mahafinaritra ary masina. Amena.

**Soso-kevitra hafa momba ny vavaka**

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

## ANDRO 10 – MANAN-KARENA AMIN'NY ZAVA-MANAN-DANJA – IAINO NY ZAVA-PANAHY

*"Ary aoka isika hifampandinika hampandroso ny fitiavana sy ny asa tsara; aza mahafoy ny fiarahantsika miangona, tahaka ny fanaon'ny sasany, fa mifananara kosa, mainka satria hitanareo fa mihantomotra ny andro."* - Heb. 10:24,25.

**Zava-panahy**

Ny zava-panahy ao amin'ny Baiboly dia tsy hoe tsy azo tsapain-tanana fa fanandramana tena misy sy iainana. Ny fiainam-panahy dia miorina amin'ny fifandraisana manokana sy tena misy eo amin'ny olombelona sy Ilay Andriamanitra velona. Amin'ny maha-zava-misy izany dia tsy zavatra foronin'ny saina izany tsy akory. Na tsy hitan'ny mason'olombelona aza Andriamanitra, dia miantso antsika Izy hanao zavatra voafaritra tsara sy azo tsapain-tanana mba hanehoana ny fifandraisantsika Aminy. Hita sy tsapa ny zavatra ataontsika ho an'Andriamanitra sy ho an'ny hafa. Saino koa ny amin'ny fanamasinana ny Sabata izay miseho amin'ny endrika maro mazava toy ny fitsaharana na ny fanompoam-pivavahana. Fanandramana tena iainana fa tsy ao an-tsaina fotsiny ny fitsaharantsika amin'ireo raharahan'izao tontolo izao sy ny manao safidy maneho taratra ny fahamasinan'ny andro Sabata. Marina tokoa izany rehefa manao fanompoam-pivavahana miaraka amin'ny olombelona namantsika ao am-piangonana isika ny Sabata maraina. Na azo atao aza ny miara-manao fanompoam-pivavahana amin'ny fifandraisana amin'ny alalan'ny aterineto, dia tsy tanteraka amin'ny fahafenoany ilay fanandramana raha tsy amin'ny fiarahana mivantana, mifanatri-tava amin'ireo mpiray fanantenana ao amin'ny toerana iraisana. Ny fanehoana hatsaram-panahy, fahasoavana, famelan-keloka, fangorahana, fanajana, ary ny fiankohofana dia tsy misy heviny raha tsy hita sy tsapa. Tsy misy teknôlôjia mahasolo ny fifampikasohana mivantana amin'ny olombelona, ny fifanorohana, ny fifanomezan-tanana, ny fifamihinana amim-pitiavana, ny fifalian'ny fiaraha-mihomehy, na ny hafanan'ny fifandraisan-tanana. Tsy mety atao amin'ny fifandraisana amin'ny alalan'ny haino vaky jery ny fifanasan-tongotra, ny fihinanana ny mofo na ny fisotroana ny ranom-boaloboka mandritra ny fanasan'ny Tompo. Namela ohatra hotsarovantsika ara-batana i Jesôsy, izay ahafahantsika mikasika amin'ny tanana sy manandrana tsiro.

**Finoana azo tsapain-tanana**

Na ny vavaka sy ny fifadian-kanina aza, izay ampirisihina manerana ny Soratra Masina, dia fihetsika hita sy tsapa ao anatin'ny fotoana tsy toerana voafaritra. Misy lafiny miseho amin'ny endrika hita maso mandrakariva ny finoantsika an'Andriamanitra. Misy zavatra maro isan-karazany azontsika olombelona atao amin'ny alalan'ny haino vaky jery, saingy tsy azontsika ampitoviana amin'izany velively ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy ny fanehoantsika ny diantsika ara-panahy miaraka amin'i Jesôsy.

Hevero ireo fitahiana rehetra azon'ity fiainana ity omena antsika. *"Ny teny atao amin'ny antony dia poma volamena ao anaty vilia volafotsy tsara soratra."* – Ohab. 25:11. Ny tanana manome fanampiana azo tsapain-tanana; ny fikasihana amim-pitiavana toa manambara hoe "tsy irery tsy akory ianao!", ny lanjan'ny sora-

# Ireo laharam-pahamehan'ny finoana

## VAKITENY FANAMPINY- NY FITAHIANA AVY AMIN'NY FIFADIANA NY HAINO VAKIJERY AMIN'NY ANDRO SABATA

"*Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy. Henemana no hiasanao sy hanaovanao ny raharahanao rehetra. Fa Sabatan'i Jehovah Andriamanitrao ny andro fahafito; koa aza manao raharaha akory hianao amin'izany, na ny zanakao-lahy, na ny zanakao-vavy, na ny ankizilahinao, na ny ankizivavinao na ny biby fiompinao, na ny vahininao izay tafiditra eo am-bavahadinao. Fa henemana no nanaovan'i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin'izay rehetra ao aminy, dia nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito; izany no nitahian'i Jehovah ny andro Sabata sy nanamasinany azy*." - Eks. 20:8-11.

**Ny Sabata raha takatra araka ny tokony ho izy**

Hain'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tsara ny manazava ny tantaran'ny nanovana ny andron'ny Tompo avy amin'ny andro fahafito amin'ny herinandro ho andro voalohany. Misy fotoana anefa tsy dia mahomby loatra ny fanehoantsika ny hatsarana sy ny fitahiana ao amin'ny fitandremana ny Sabata ho masina. Nanjary nitotongana ho amin'ny fahazarana manara-dalàna ho fitadiavam-pamonjena ny Sabata ho an'ny olona maro, ka mifady ny raharaha sasany izy amin'izany. Manjary tsy fahafinaretana intsony izany, nefa tokony hitondra fifaliana ho antsika eo amin'ny firahantsika mandeha amin'Andriamanitra. Raha tsy hitantsika indray ny maha-fahafinaretana ny fankalazana ny Sabata, dia tsy hisy olona ho voataona ho amin'ny fiainana ny fanandraman'ny Sabata amin'ny maha fitahian'Andriamanitra azy. Ny Sabata, raha takatra araka ny tokony ho izy ny heviny, dia mitondra fitahiana amin'ny fomba mahatalanjona ho an'ny taranaka izay voavolavola ara-pifandraisana amin'ny fampiasana ny teknôlôjia vaovao amin'izao vanimpotoana anjakan'ny fitaovana nomerika izao.

**Fifadiana ny haino vakijery**

Tsy misy fiafarana ny vaovao aseho antsika ao anatin'ireo tranonkalam-baovao maro, kanefa mampihena ny fahafahantsika mifantoka amin'ny fandinihan-tena lalina sy tsy misy fanembantsembanana izany. Mihena ny fahafahana mamaky am-pifantohana lalina rehefa zatra ny hafainganam-pandehan'ny Aterineto sy ny fampiasana fitaovana nomerika ary ny famakian-teny indray mandeha monja ny olona. Manjary sarotra kokoa ny mifantoka amin'ny fisainana zavatra iray, ary tonga fihaikana ho azy ny fisaintsainana lalina ny Teny sy ny fomban'Andriamanitra. Misy fiantraikany mahery vaika eo amin'ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra izany satria ambaran'i Jesôsy amintsika fa mitana toerana manan-danja eo amin'ny fanehoana ny fitiavantsika an'Andriamanitra ny saintsika (Mar. 12:30). Tsy mampivelatra ny fiasan'ny sela-kozatatitry ny atidoha izay ilaina ho amin'ny fandinihana sy ny vavaka feno fifantohana ary ireo sehatra hafa eo amin'ny fiainana ara-panahy ny fampiasana fitaovana ara-teknôlôjia. Izany indrindra no karazam-pisainana ampirisihan'ny fifadiana ny fitaovana nomerika, amin'ny tsy firotorotoana, sy ny fandraisana ny Sabatan'i Jehôvah ary ny fitandremana izany. Alao sary an-tsaina ny fitahiana avy amin'ny andro iray manontolo isan-kerinandro, rehefa mamono ny findaintsika isika, rehefa tsy mamelona ny

solosaina sy ny "tablette" isika, rehefa tsy mijery Aterineto sy mailaka isika fa mandrary fifandraisana sy manao zavatra izay mandrisika antsika hifantoka ara-batana sy ara-tsaina. Alao sary an-tsaina ny Sabata izay izaranao fahasoavana amin'ny alalan'ny firesahana feno fifantohana amin'ny fianakaviana sy ny namana. Alao sary an-tsaina ny androm-pitsaharana iray izay anokananao fotoana hisaintsainana lalina momba ny tenin'Andriamanitra sy amin'ny fomba tia karokaroka. Alao sary an-tsaina ny fotoana mamy izaranao ny fomba fijerinao sy ny fanandramanao amin'ny hafa, ary koa hihainoanao am-pifantohana ny tantaran'izy ireo sy tsy anembantsembananao azy eo am-pitantarana izany. Ny fitandremana Sabata tahaka izany no hampiray antsika indray amin'Andriamanitra, hanavao indray ny fifandraisantsika, ary hanatsara sy hahalalina kokoa ny dia ara-panahy ataontsika.

